



FITALEAVANA NY FANAOVAN-DALANA

SAMPAN-DRAHARAHAN'NY LALANA SY NY FIVORIANA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA AO AMIN'NY REPOBLIKA FAHAEFATRA

TAONA 2021

FAMINTINANA IREO RIJAN-TENY LANY

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
(NY 03-08-21 KA HATRAMIN'NY 13-08-21)**

13 AOGOSITRA 2021

Volavolan-dalàna lany (05)

| N° | Lohateny | Famintinana |
|----|--|--|
| 01 | <p>Lalàna laharana faha-2021-020 anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanekena fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola <i>dingana faha-2-n</i>'ny tetikasa fanatsarana ny fahazoana Angovo sy fotodrafitrasan'ny lalana eny amin'ny <i>Sehatra Mifandray tendro ho amin'ny fampandrosoana (PIC2-Energie)</i>, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirin'ny OPEP ho an'ny Fampandrosoana tamin'ny 04 marsa 2021</p> <p><i>Napetraka voalohany teny amin'ny Antenimierandoholona</i></p> <p><i>Daty nahalaniany</i> <i>Antenimierampirenena : 12-08-21</i> <i>Antenimierandoholona : 10-08-21</i></p> | <p>Nahazo indram-bola avy amin'ny Tahirin'ny OPEP ho an'ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena mitetina 15 000 000 dôlara amerikana, izany hoe <i>dimy hetsy sy valo amby efapolo sy dimanjato tapitrisa sy enina amby dimampolo lavitrisa</i> (56 548 500 000) ariary hoentina mamatsy vola ny dingana faharoa amin'ny tetikasa fanatsarana ny fahazoana Angovo sy ny Fototrafitrasan'ny lalana ao amin'ny Sehatra Mifandray tendro ho amin'ny Fampandrosoana.</p> <p>Faritra iasan'ny tetikasa: Faritra Atsimo-Andrefana, Diana ary ny Nosy Sainte Marie.</p> <p>Izany tetikasa izany dia ahitana :</p> <ul style="list-style-type: none"> - ny fanitarana ny fampidirana herinaratra eny ambanivohitra any DIANA sy ATSIMO ANDREFANA - sy fanarenana ireo lalana iankinan'ny fiainan-dehibe ao Sainte-Marie. <p>Toy izao ny fepetran'ny famatsiam-bola :</p> <ul style="list-style-type: none"> -<i>Habetsahan'ny vola indramina</i> : 15 000 000 dôlara amerikana, izany hoe 56 548 500 000 ariary - <i>Faharetan'ny famerenan-trosa</i> : 20 taona. - <i>Fotoana tsy andoavan-trosa</i>: 5 taona - <i>Zanabola</i>: 1% isan-taona amin'ny vola nampiasaina sy tsy mbola naverina (and.2.02) - <i>Tambin-draharaha</i> : 1% isan-taona amin'ny vola nindramina efa nalaina sy nampiasaina.(principal du prêt retiré et en circulation) <p>Ny zanabola sy ny saran-draharaha dia aloaha isan'enim-bolana isaky ny 15 marsa raha vao tapitra ny fotoana tsy andoavan-trosa ka atao mandeha ampaham-bola miisa 30 isan'enim-bolana. Ny ampaham-bola iray dia 1,33%-n'ny vola averina fa ny ampaham-bola farany kosa dia 1,43%-n'ny vola averina.Manomboka ny 15 marsa 2026 ny famerenan-trosa voalohany ary ny 15 septambra 2040 kosa ny farany.</p> <p>Ny Antokon-draharahan'ny Tetikasa PIC no miandraikitra ny tetikasa.</p> <p>Ny 31 desambra 2025 no heverina hikatonan'ny tetikasa.</p> |

| | | |
|----|---|--|
| 02 | <p>Lalàna laharana faha-2021-021 manome alalana ny fifanekena ny fifanekena fampindramam-bola mifandraika amin'ny « Famatsiam-bola amin'ny <i>Fanovana ara-toekarena ho an'ny Fitomboana ifampizarana (PIC3)</i> », nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana (IDA)</p> <p><i>Napetraka voalohany teny amin'ny Antenimierandoholona</i></p> <p><i>Daty nahalaniany Antenimierampirenena : 12-08-21 Antenimierandoholona: 10-08-21</i></p> | <p>Tanjon'ny tetikasa ny hampitomboana ny mpampiasa vola tsy miankina sy ny fitomboan'ny orinasa madinika sy salantsalany any amin'ny faritra kendrena eto Madagasikara amin'ny alàlan'ny Agribusiness, fizahan-tany ary Fampidirana ny Kajy mirindra (Digital) (Atsinanana, Vatovavy-Fitovinagny, faritra Atsinanana ary Analamanga)</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola :</p> <p><i>-Habetsahan'ny vola indramina: 150 000 000 USD izany hoe zato tapitrisa sy sivy amby animpolo sy dimanjato lavitrisa (569 100 000 000) MGA</i></p> <p><i>-Faharetan'ny famerenan-trosa : 38 taona ka ao anatin'izany ny 6 taona tsy andoavan-trosa</i></p> <p><i>-Tambim-pamoaham-bola : 0,5% isan-taonan'ny vola indramina tsy mbola navoaka (And.II 2.03)</i></p> <p><i>-Tambin-draharaha: 0,75% isan-taonan'ny hanisisan'ny vola nalaina (solde retiré)</i></p> <p>Faritra iasan'ny tetikasa : Faritra Atsimo-Andrefana, Diana, Anosy, Analamanga, Antsinanana, Vatovavy-Fitovinany ary Nosy Sainte Marie</p> <p>Ny daty fandoavam-bola dia isaky ny 15 febroary sy ny 15 aogositra.</p> <p>Ny famerenana ny trosa dia tontosaina amin'ny fandrotsaham-bola mitovy isan'enim-bolana (izany hoe 1,5625%-n'ny trosa tsy maintsy averina) arotsaka, araka izany, manomboka ny 15 aogositra 2027 ka hatramin'ny 15 febroary 2059 raha vantany vao tapitra ny fe-potoana tsy andoavan-trosa.</p> <p>Ny 31 janoary 2027 no heverina hikatonan'ny tetikasa.</p> |
| 03 | <p>Lalàna laharana faha-2021-022 anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanekena fampindramam-bola mifandraika amin'ny <i>Tetikasa fanampiana tosika ny fametrahana indostria sy ny sehatra ara-bola (PAISF)</i>, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrika momba ny Fampandrosoana tamin'ny 12 novambra 2020</p> | <p>Nisitrika ny fampindramam-bola hamatsiam-bola ny Tetikasa Fanomezana tosika ny indostria sy ny sehatra ara-bola (PAISF) avy amin'ny Tahiry Afrikana momba ny Fampandrosoana ny fitondrana malagasy ka izany dia mitetina roa arivo sy iray alina sy sivy hetsy sy enina ambin'ny folo tapitrisa dôlara amerikana (16 912 000 USD), mitovy amin'ny <i>eninjato sy dimy arivo sy valo alina sy telo hetsy sy fito amby enimpolo sy fitonjato tapitrisa sy dimy amby enimpolo lavitrisa Ariary (65 767 385 600 MGA)</i></p> <p>Isan'ireo asa lehibe tontosaina amin'izany vola indramina izany ny fananganana toerana</p> |

| | | |
|----|--|---|
| | <p><i>Daty nahalaniany</i> <i>Antenimierampirenena : 06-08-21</i> <i>Antenimierandoholona : 13-08-21</i></p> | <p>ametrahana indostria ao Moramanga, Toamasina, Antsirabe ary Antsiranana.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny famatsiam-bola: <i>Mpamatsy vola : FAD</i> <i>Habetsahan'ny vola samborina: 16 912 000 USD na 65 767 385 600 MGA</i> <i>Faharetan'ny famerenam-bola : 40 taona ka ao anatin'izany ny 10 taona tsy andoavan-trosa</i> <i>Tambim-pamoaham-bola: taha isan-taona 0,5% isan-taonan'ny vola indramina tsy mbola</i> <i>navoaka tao amin'ny kaontin'ny Fampindramam-bola (jer.Annexe IV, p.25)</i> <i>Tambin-draharaha: 0,75% isan-taonan'ny vola indramina efa navoaka ka tsy mbola</i> <i>naverina (jer.Annexe IV, p.25)</i></p> <p>Ny dólara amerikana ampiasaina amin'ny fandoavam-bola.</p> <p>Ny daty fandoavam-bola dia isaky ny 15 febroary sy 15 aogositra. Ny famerenam-bola dia mandeha mandritra ny 30 taona aorian'ny fahataperan'ny fe-potoana tsy andoavan-trosa 10 taona ka ny zana-bola dia 2% isan-taona ny taona faha-11 ka hatramin'ny taona faha-20 fa 4% isan-jato kosa amin'ny fotoana sisa tavela ka atao amin'ny fandrotsaham-bola isan'enim-bolana, mitovy sy mifanesy, tontosaina araka ny daty fandoavam-bola.</p> <p><i>Ireo mpahazo tombontsoa amin'ny tetikasa:</i></p> <ul style="list-style-type: none"> ✓ Ny Fanjakana Malagasy manontolo amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fahaefa-manaon'ny rafitra misahana ny fampiroboroboana , ny fampanjariana ny fampiasam-bola tsy miankina ka isan'izany ireo rafitra misahana ny fiaraha-miasan'ny Fanjakana sy ny Tsy miankina (PPP); ✓ Ireo orinasa (madinika sy salantsalany) izay hisitraka ny rafi-panjakana manome vahana ny fampiasam-bola sy sehatra mety eo amin'ny famatsiam-bola ✓ Ny Malagasy rehetra izay mpisitraka am-parany ankolaka ny voka-tsoan'ny fioboroboan'ny indostria, ary koa ny famoronana asa mahavelona sy ny fihatsaran'ny fari-piainan'ny mponina <p>Ny 30 jiona 2024 no heverina hikatonan'ny tetikasa.</p> |
| 04 | <p>Lalàna laharana faha-2021-023 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanekena Fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa « <i>Faharetan'ny Sehatry ny Lalana eto Madagasikara</i></p> | <p>Kendrena amin'izao tetikasa izao ny fikojakojana sy ny fampaharetana tambajotran'ny lalana eto Madagasikara.</p> <p>Isany asa lehibe tanterahina amin'izany ny fikojakojana ny lalam-pirenena miisa 14 (RNP2,</p> |

| | | |
|----|---|---|
| | <p>(<i>IPF-FITATERANA</i>) nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana (IDA) tamin'ny 21 jolay 2021</p> <p><i>Daty nahalaniany</i> <i>Antenimierampirenena : 06-08-21</i> <i>Antenimierandoholona : 13-08-21</i></p> | <p>RNP7, RNP4, RNS 34, RNT 3A, RNS 5a, RNS 30, RNS 30a, RNS 57, RNS 12, RNS 45, RNS 25, RNS 5) izay mitontaly 1.163 km.</p> <p>Hahazo tombontsoa amin'ny tetikasa ny mpampiasa lalana, ny mpandraharaha ara-toe-karena ary ny mponina.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampiasamboram-bola : <i>Mpampiasambo-bola</i> : ny IDA, rantsana iray ao amin'ny Banky iraisam-pirenena; <i>Habetsahan'ny Vola samborina</i> : 200.000.000 dôlara amerikana na <i>valonjato tapitrisa sy valo amby dimampolo sy fitonjato lavitrisa (758.800.000.000)</i> ariary; <i>Faharetan'ny famerenan-trosa</i>: 38 taona ka ao anatin'io ny 6 taona tsy andoavan-trosa; <i>Tambim-pamoaham-bola</i> : 0,5% isan-taonan'ny hanisisan'ny vola indramina <i>tsy nampisaina (sur le solde non décaissé)</i> <i>Tambin-draharaha</i> : 0,75% isan-taonan'ny hanisisan'ny vola efa nalaina (sur le solde retiré)</p> <p>Isaky ny 15 febroary sy ny 15 aogositra no daty fandoavam-bola.</p> <p>Ny 30 septambra 2026 no daty heverina hikatonan'ny tetikasa.</p> |
| 05 | <p>Lalàna laharana faha-2021-024ananganana ny Tahiry Masi-mandidy Malagasy (FSM)</p> <p><i>Daty nahalaniany</i> <i>Antenimierampirenena : 12-08-21</i> <i>Antenimierandoholona : 13-08-21</i></p> | <p>Ity tahiry ity dia vatsina amin'ny alàlan'ny loharanom-bola natolotry ny Fanjakana sy ny CTD ary ny vokatry ny fakana tombony (valorisation) amin'ny fananana tsy tsapain-tanana sy ny fampanjariam-bola (fructufication des actifs) an'ity Tahiry ity ary ny findramam-bola anivon'ny firenena sy iraisam-pirenena.</p> <p>Ny fitantanana ny Tahiry dia ankinina amin'ny Sosaety mpampiasa vola iray manana ny satan'ny Sosaety Tsy anavahana anarana andraisan'ny daholobe anjara Azony atao ny mitantana na mampitombo ireo vola ampiasaina ao amin'izany tahiry izany na koa mandray fepetra hisarihana ny mpampiasa vola eto amin'ny firenena na eo amin'ny sehatry ny samy firenena mba hanao tetikasa fampiasam-bola manan-danja be. Izany Sosaety mpampiasa vola izany dia eo ambany fanaraha-mason'ny Fisafoan-draharaha ankapoben'ny Fanjakana sy ny Fitsarana momba ny Kaonty.</p> <p>Ny Rantsa-mangaika mpanapa-kevitra ao dia Filan-kevi-pitantanana ahitana mpikambana 10 ka ny roa solontenan'ny Antenimierampirenena sy 01 solontenan'ny Antenimierandoholona.</p> <p>Ampiharina amin'ity lalàna ity ny Fitsipik'i Santiago. Araka izany, ny tahiry dia manaraka</p> |

| | | |
|--|--|---|
| | | <p>izao fitsipika izao:</p> <ul style="list-style-type: none">- mitondra ny anjarabiriky amin'ny fitandroana ny rafitra sy ny fahalalahan'ny fivezivezen'ny renivola;- manaraka ny fitsipika sy ny fandalana ny fampahalalana ny lafiny vola manan-kery- mampiasa vola ao anatin'ny fiheverana izay mety ho fahavoazana ara-toekarena sy ara-bola, ary koa mifotra amin'ny fahazoam-bokatra- manana fehim-pitantanana mangarahara sy mizotra an-tsakany sy an-davany |
|--|--|---|